

# MAHITA ANDRIAMANITRA

Tany Ecosse dia nisy vehivavy mananontena tsisy mpiahys nonina irey saingy ny Tompo no nanohina azy. Ririnina ny andro ary tsisy sakafo hohanina izy tao an-trano. Lany ritra ny vary fanao koba miantoka ny sakafo isanandro. Nandeha natory anefa ilay vehivavy ary natoky fa hahita izay hohaniny ny ampitso.

Kanjo nony maraina, indro nisy tafiotra nitondra ranomandry nitsoka mafy. Voasakana ny lèlana rehetra ka tsy misy azo itadiavana fanampiana.

Narehiny ny afo ary natainginy teo amboniny ny vilany misy rano. «Ankehitriny, hoy izy anakampo dia hangataka ny sisa amin'ny Tompo aho ». Nandohalika sy nisaotra an'Andriamanitra amin'ny fikarakarany tsy tapaka tao an'efiranony izy, ary nanambara taminy ny tsy fananany na inona na inona.

Raha iny nivavaka iny izy dia toa nahare olona nandondona. Ary tena nisy nandona. Novohany ny varavarany ka indro rakotra ranomandry ny zanaka vavin'ny tantsaha iray mipetraka eny amin'ny manodidina, nuditra sy nametraka lasaka tamin'ny tany.

Hoy izy, tsy fantatro izay nahazo ny raiko anikeheo fa tsy navelany aho raha tsy nivoaka hanatitra sakafo ho anao.

Tsitapitapitr'izay anefa dia niato tamin'ny teniny izy ka sady gaga no njery an'ilay vehivavy tsy nihaino azy intsony fa efa namihina ny tanany ka nisaotra an'Andriamanitra tamin'ny feo avo.

## LESONA :

- Andriamanitra dia mbola miasa mandrakariva, ary tsy takatry ny saintsika ny fomba fiasany. Afaka mandefa ny mpanompony mba ho irany izy, eny na dia ny voromanidina aza (toy ny goaika izay nodidiany mba hamelomany an'i Elia mpaminany) **I Mpa 17. 4-6.**
- Koa na olana, na tsy fisiana, na aretina, na haratsian'ny toetr'andro, na fahoriana dia tsy mahasakana an'Andriamanitra tsy haneho ny heriny izany fa MAHITA ANDRIAMANITRA.

**Isa 65 : 24 «Raha tsy mbola miantso aza izy dia hamaly aho ; ary raha mbola miteny izy, dia hihaino Aho »**